

AoRaha

FAHANTRAN'NY FIRENENA

«Tsy izaho no tompon'antoka», hoy Rajaonarimampianina




**Tsy izy, hono, ny tompon'antoka. Ianao aloha no eo r'ingahy ity a! Ary nandritra ny tetezamita izay kianinao toa olona ho faty rahampitso dia minisitry ny Vola nandritra ny 5 taona ianao. Tsy izany ny hoe mandrora mitsilany? Raha tety ivelany ianao dia tena marina daholo ny voalazanao. Saingy indrisy. Sady mbola Filohan'ny Filan-kevitry ny fitantanàna tao aminy Air Madagascar koa anie ianao e! Aza mihevitra ny vahoaka malagasy ho dondrona sy kentrina daholo, aza fady**



Mba manandratra avo ny kolontsaina Malagasy anie ireto ankizy ireto, na dia mafy aza ny manjo azy e!

**Fitarainana avy aminy mpianatra Malagasy hiantohan'ny fanjakana Malagasy aty Shina.**

Taminy taona lasa 2015 dia nandefa vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra aty Shina ny fanajakana Malagasy. Vola mitentina **5,252,734,960.04 Ariary** (izay hazavain'ny mailaka nalefan'ny Masoivoho Malagasy tamin'ny mpianatra) no nalefa mba handohavan'ny mpianatra ny ampahan'ny trosany manoloana ny Oniversite misy azy avy. Nomena ny mpianatra nandritra ny fotoana samihafa io vola io arakaraka ny ampaham-bola voarain'ny masoivoho Malagasy aty Shina. Toy izao manaraka izao ny fitsinjarany.

Tamin'ny volana:

- Novambra: **1,382,237,864.54 ariary;**

- Decembra: **1,382,237,864.54 ariary;**


- Martsa: **1,086,044,036.4242 ariary**

Fitambaran'izay efa voaray **= 3,850,519,765.5052 ariary**

Ambiny tsy mbola voaray **=** 5,252,734,960.04 ▯ 3,850,519,765.5052

**= 1,402,215,194.5358 ariary (izay tsy hita )**

Efa hifarana ity ny taom-pianarana 2015-2016, ka dia nanontany ny tompon'andraikitra tao amin'ny masoivoho izahay mpianatra momba anio ambim-bola io ary nilaza izy fa tsy mbola tonga aty amin'ny Masoivoho io vola io.



**Email envoye par l'ambassade pour les etudiants en chine**
PLANNING D'ENVOI DE FONDS BOURSES DES ETUDIANTS EN CHINE
**Année 2012 = 1 accessoire + 4 mois (Septembre à Décembre)**

| | nombre d'étudiant (1) | montant mensuel bourse/étudiant en Euro (2) | **Montant en Yuan / mois / étudiant (3)** | Total Montant en Yuan / mois / (4) = (1)x(3) | **mensualité** | Montant total en YUAN (5) | Taux Chancellerie (6) | Contrevaleur en Ariary( comptabilisation) (7) = (5)x(6) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| nov-15 | 273 | 650,00 | **4 477,85** | 1 222 453,05 | **4** | 4 889 812,20 | 180,40 | 882 122 120,88 |
| nov-15 | 273 | 1 474,06 | **10 154,80** | 2 772 260,22 | **1** | 2 772 260,22 | 180,40 | 500 115 743,66 |
| | | | | | | **7 662 072,42** | | **1 382 237 864,54** |
| | | | | Montant envoyé - mois de novembre 2015: | | 8 400 000,00 | CNY | |
| | | | | à utiliser suivant le tableau ci-dessus: | | 7 662 072,42 | CNY | |
| | **Ecritures de prise en charge BAR** | | | | **RESTE:** | **737 927,58** | **CNY** | |
| | Débit 1852 | 5 252 734 960,04 | | | | | | |
| | Crédit 4787 | 5 252 734 960,04 | | | | | | |
| | **Paiement** | | | | | | | |
| | D4787 | 1 382 237 864,54 | | | | | | |
| | Crédit 5168 | 1 382 237 864,54 | | | | | | |
| | **donc solde 4787** | 3 870 497 095,50 | | | | | | |

**Mailaka nalefan'ny Masoivoho ho an'ireo mpianatra any Shina**

Nanontany ny tompon'andraikitra tao aminy ministeran'ny Fampianarana ambony ihany koa izahay ary nilaza ny ministera fa tsy mahafantatra momba anio ambim-bola io. Nilaza anefa ny CONABEX izay misahana ny mpianatra mianatra aty ivelany fa efa tokony any aminy Masoivoho Malagasy any Shina io vola io. Ny Masoivoho Malagasy aty Shina anefa milaza fa tsisy an'izany vola izany aty.

Gaga sady sahirana izahay mpianatra aty manoloana ny zava-misy. Lasa aiza ary ilay ambim-bola **1,402,215,194.5358 ariary**?? Sahirana mafy izahay manoloana ny trosanay aminy Oniversite Sinoa ka dia manao antso avo aminy mpitondra fanjakana mahefa izahay mba hijery an'izao toe-java-misy izao.

Mankasitra indrindra tompoko!

**Talata faha 31 May 2016**

**Mpianatra Malagasy aty Shina**



3 AO Raha Raharaham-pirenena

FAHANTRAN'NY FIRENENA

**«Tsy izaho no tompon'antoka», hoy i Hery Rajaonarimampianina**

Niala andraikitra. Nanala tena tsy ho isan'ireo tompon'antoka amin'ny fahantrana mianjady amin'ny Malagasy ankehitriny ny Filoham-pirenena, Hery Rajaonarimampianina. Nandritra ny lahateny nataony tao Toamasina, omaly, no nanararaotan'ity farany nanondroana molotra sy nivelesana kanonta ny Filohan'ny tetezamita teo aloha, Andry Rajoelina. Ity farany izay nambarany fa «tsy nahomby tamin'ny fitantanana politika ary fototra nihavian'ny fahantrana teto Madagasikara».

«Mahamenatra ny milaza azy, fa mahatratra hatramin'ny 90 % ny tahan'ny fahantrana tamin'ny fotoana nandraisako ny fitantanana ny firenentsika, izay vao mainka nihanahantra taorian'izay 54 taona izay. Firenena voasazy ihany koa vokatry ny fitantanana politika tsy nahomby. Tsy Rajaonarimampianina mihitsy tompokolahy sy tompokovavy no fositra tamin'izany», hoy izy. Adinon'ny Filoham-pirenena tanteraka fa minisitry ny Fitantanam-bola sy ny tetibolam-panjakana ny tenany nandritra ny fitondrana tetezamita. Ny fitondrana tetezamita, izay nambarany fa nampidi-kizo an'i Madagasikara.

Nitokana zava-bita tany Toamasina ny Filoham-pirenena omaly.

Rehefa avy nanadio tena dia nandokandoka tena indray ny Filoham-pirenena, io omaly io ihany. Noantitranterany fa «efa betsaka ny zava-bitany ary tsy azo hodian-tsy hita izany». «Vao haingana isika no tany Atsimo Andrefana nitokana tetezana, namboariana koa ny sekoly, misy ihany koa ny fanomezana asa, toy ny an'ireny mpampianatra Fram ireny», hoy ny Filoha tamin'ny feo hentitra sy feno fieboeboana.


**Matahotra fanonganana**

Vao tsy ela akory anefa izay, no namoahan'ny ankamaroan'ireo mpanao politika sy ny fiarahamonim-pirenena sasany fanambarana milaza fa «latsaka an-katerena tanteraka ny Firenena ary mihamahantra andro aman'alina ny ankamaroan'ny Malagasy». «Manginy fotsiny ny vono olona ateraky ny tsy fandriampahalemana», araka ny fanambarana sesilany nataon'izy ireo.

Ankilan'izay, niaro mafy ny sezany ary nantitrantitra ny amin'ny tokony hanajana ny fifandimbiasan-toerana ny Filoham-pirenena, izay mbola hita fa tena manahy mafy ny mety hisian'ny fanonganam-panjakana. «Mila hovaina tanteraka ny toe-tsaintsika, satria mety misy olona mihevitra ny hamerina ny fomba nahatongavany teo amin'ny fitondrana. Enina ihany ireo Filoham-pirenena nandalo fifidianana ary izany no taratry ny demokrasia», hoy ihany i Hery Rajaonarimampianina sady nanindrom-paingotra manokana ny Filohan'ny tetezamita teo aloha. Na izany aza, nilaza fa vonona hifanakalo hevitra hoentina hampandrosoana ny firenena hatrany ny Filoha. Toa mifanohitra amin' izany anefa ny zava-mitranga sy ny hita maso

Juliano Randrianja

**Ka raha 90% ny tahan'ny fahantrana tamin'ny fotoan'ny nandraisanao ny fitondrana dia firy izy izao roa taona aty aoriana? Vola sy antontam-taratasim-bola no nikirakirainao mivantana nandritra ny dimy taona be izao, nafahanao nividy io trano be ao Tsimbazaza io e! Tsy misy dikany io volan'ny mpianatra malagasy any Shina raha oharina amin'ny vidin'io trano be io. Be karama kosa ianao tamin'izany ô? Ka asa: Andry Rajoelina daholo no nahatonga izao fanaovana an-kilabao ny tanora malagasy mpianatra any Shina ary manan-jo amina vatsim-pianaram-panjakana, amin'izao taona 2016?**



**Ekena fa lehilahy mahasaky tokoa ianao fa dia jamba koa izany Andriamanitra an-tampin-doha io. Rehefa tsy andrinao intsony, handrasan'ny vahoaka maro an'isa maha firenena ny firenena foana rangaha ity a! Misy farany ny zava-drehetra eto amin'ity tany fandalovana ity. Ary filoha mandalo fotsiny ihany ianao ka tsy hitondra anao mankaiza io volabenao io ( ETO  mamisavisa)**

**Jeannot Ramambazafy - 05 Jona 2016**